


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Zo Feno amin'ny Fanavotana

Amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy, voavela ny fahotako rehetra.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny Tompo nanavotra antsika, mba tsy ho eo an-tànan'ny fahavalo intsony, fa eo an-tànan'i Jehovah.

> "Ka misaotra ny Ray, Izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava, sady nahafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany." (Kolosiana 1:12–13)

Marina tokoa fa Andriamanitra no nanafaka antsika tamin'ny herin'ny maizina - izany hoe ny fanjakan'i Satana - ary nampiditra antsika ho amin'ny fanjakan'i Kristy. Noho izany, manana fanavotana isika - voavela ny fahotantsika. Tsy ao amin’ny faritanin’i Satana intsony isika, ary tsy eo ambanin’ny fahefany isika. Ny tsy mino, ireo izay mandà an’i Kristy, ny mpikomy, ary ny tsy mankatò dia eo ambanin’ny fahefan’i Satana, fa isika Kristiana kosa tsy izany.

> Ny zava-misy dia rehefa nibebaka sy nitolo-batana tamin’i Jesosy Kristy isika ary nanao Azy ho Tompon’ny fiainantsika, dia nampitaina (navadika, na nentina) — fanahy, aina, ary vatana — hiala amin’ny fanjakan’i Satana ary ho any amin’ny fanjakan’i Kristy isika. Zava-misy ireo.

Mino ny zava-misy avy any amin’ny faritra tsy hita maso ao amin’ny Tenin’Andriamanitra isika satria tsy manaraka ny fihetseham-pontsika intsony.

Ny ampingan’ny finoana dia mandrakotra ny lafiny rehetra amin’ny fiainantsika. Tsy misy zana-tsipìka mirehitra tsy ho tafihoatra izany mihitsy (jereo ny Efesiana 6:16).

Misaotra Anao, Jehovah ô, noho ny amin’ny ran’i Jesosy. Manambara aho fa tamin’ny Rany, no nanafahana ahy tamin’ny maizina ka nafindra ho amin’ny fanjakan’ny Zanaky ny fitiavan’Andriamanitra. Amin’ny alàlan’ny ran’i Jesosy, no

© 2008 - Dries Du Plessis

nanavotana ahy tamin’ny tànan’ny devoly, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-015-MLG
Nohavaozina farany: 01 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

